## Fanadinana Bakalorea
### Tsy hampahadio ny lanjam-pahaizan'ny mpiadina ny fihodinana faharoa 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 12 oktobra 2019 Laharana 965 Vidiny : 400 Ar


### Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 157), Madagasikara 09 Oktobra 2019 5


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


### Filoha Ravalomanana sy 13 oktobra 2014 3

# Fitiavan-tanindrazana no niverenany eto



### Distim Manjakandriana 2 8

# Fanamby ny hahazo ben'ny tanàna maro



### RINA N°2 ANTANANARIVO 3

## Teknisiana voasedra manana fahaiza-manao hitondra tanàna



### Chief Naina, mpanohana an'i Rina 3

## Manohy ny asa sosialy fanaony, olona 200 nisitraka tohana ara-tsakafo

### Fanadihadian'ny C.D.B.F 7

## Olona 1 amin'ny 53 ihany no sahy mitaky faktiora

### Tarika Mahaleo 6

## Hifamotoana amin'ny mpankafy rahampitso ao Antsahamanitra

### Daka kely

Aloavy ny volan'ny mpiasan'ny kaominina Toamasina ry Boaikely a !

### Trondro Andrefan'Ambohijanahary 6

## Nandamina momba ny fanafoanana "arrêt bus" ny CUA



FIAINANA ANTOKO

## Lotoina vao mainka madio Ravalo sy ny TIM

Manao izay tetika maloto rehetra hampandaniana ny kandidany ny IRD na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana, eny hatramin'ny fanomanana hala-bato aza. Araka ny re izao dia miketrika ny hampandresena ny kandidà Naina Andriantsitohaina 51% mahery ny fitondrana sy ireo mpikarakara fifidianana, eto amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra. Mila mailo noho izany ny rehetra. Ankoatra izany, amin' izao fotoana izao aloha dia ny sehatry ny serasera no amoahana fanaratsiana ny antoko TIM tarihan'ny filoha Marc Ravalomanana. Ompa sisa no tsy ataon'ny mpomba ny fitondrana mahakasika an'i Dada: na an-gazety, na amin'ny fahitalavitra, fa indrindra amin'ny onjapeo, saingy tokony tsy ho hadinoin'ireo mpanenjika be fahatany fa arakaraka ny hanenjehana azy, vao mainka miha-mahazo hery ny antoko TIM sy ny filoha Marc Ravalomanana. Raha tarafina amin'ny saina tsy miangatra dia mbola manana olom-boafidy isan-tsokajiny ny Tiako i Madagasikara ary heverina fa handrombaka ihany koa ny toeran'ny Ben'ny tanàna eto an-drenivohitra. Io no atahoran'ny IRD, ka dia aleony haratsiana mba tsy hahalany ny kandida TIM tarihan'i Rina Randriamasinoro, izay tanora dia tanora erotrerony, manampahaizana sady efa manana traikefa raha ny fitantanana ny tanànan'Antananarivo satria efa tale ara-bola, efa Sekretera Jeneralin'ny Kaominina ny tenany ary mahafantatra tsara ny tontolon'ny asa eo anivon'izany Lapan'ny tanàna izany. Niniana nopotehan'ny mpanongam-panjakana tarihan'i Andry Rajoelina moa ny fananan'ny filoha Ravalomanana, norobaina tanteraka ary voatery nanao sesitany ny tenany tany Afrika Atsimo, noho ny fitsinjovana ny firenena. Mirehareha fatratra ireto mpanaty rankena sy mpisolelaka fa hanjavona niaraka tamin' ny fananana nodorany ity lehiben'antoko TIM ity. Inona no zava-misy ankehitriny : tafarina indray ilay orin'asa nanasoa vahoaka nopotehin'ny TGV sy ny forongony. Nahazo hery indray ny antoko TIM ary isan'ny antoko matanjaka eto amin'ny firenena raha miohatra amin'ny hafa, noho ny fitahian'Andriamanitra. Misy mihevitra fa hanjavona ny filoha Ravalomanana eo amin' ny sehatra politika, aorian'ny fifidianana ben'ny tanàna atsy ho atsy. Diso paika angamba ireo mihevitra izany fa na inona na inona ataon'ireo milaza ho tompon'ny fahefana ankehitriny dia vao mainka mamporisika ny filoha Marc Ravalomanana hiditra lalina amin'ny sehatra politika ireny fanenjehana ireny sady mampitombo ny fankamamian'ny vahoaka malagasy azy ihany koa tamin'ny zava-bitany fony naha filoham-pirenena azy. Fomba fiteny iray izay ny hoe : ny mpanenjika any aoriana foana fa tsy eo anoloana. Midika izany fa matoa enjehina mafy ny filoha Ravalomanana dia any aloha hatrany ny tenany. Ny IRD mpanenjika any aoriana, na manenjika aloka angamba, na manao « biby mi-tourne ».

***Rajaonarimpanontsana***

Distim Manjakandriana

## Fanamby ny hahazo ben'ny tanàna maro

Nihaona teny amin'ny Espace Hary's Ambohimanga afak'omaly ny kandidà ben'ny tanàna, sy ny mpanolotsainan'ny kaominina avy amin'ireo kaominina ao amin'ny distrikan'i Manjakandriana. Nitarika ny fotoana ny Distim Manjakandriana tarihan'ny filohany Randriamanga Henri William. Fampahafantarana tamin'ireo mpiktroka ireo kandidà sy fanomezana toro-marika azy ireo mombany fitondrana ny fampielezan-kevitra, sy mialohan'ny fampielezan-kevitra no natao tamin'izany. Tonga tany an-toerana nisolotena ny filoha nasionalin'ny antoko Marc Ravalomanana, ny mpikambana ao amin'ny birao politikan'ny antoko TIM, Jean Pierre Rakotoarivony. Nivoitra tamin'izany fa fanambin'ny antoko TIM foibe sy ny Distim Manjakandriana ny hahazo ben'ny tanàna sy mpanolotsainan'ny kaominina maro ao amin'ity distrika ity. Na be aza ny sakantsakana, mijoro hatrany izy ireo ary ho mailo sy tsy hanaiky lembenana amin'ny hosoka sy ny halabato mety hisy indray izay efa ketrehin'ny mpitondra sy ny forongony. Fantatra tamin'izany fa kaominina miisa 17 amin' ny 25 no misy kandidà ben'ny tanàna TIM any Manjakandriana, mihevitra izy ireo fa ho lany 100% ireo kandidà miaradia amin'i Dada ireo. Ho fiatrehana izany, miantso ny rehetra izy ireo anaramaso ny lisi-pifidianana hatrany ary ankoatra izay dia nanentana ny mpifidy ho tonga maro hanefa ny adidiny amin'ny datin'ny 27 novambra hanatanterahana ny fifidianana.

***Isambilo***

**Ireo avy ireo kandidà ben'ny tanàna TIM any Manjakandriana sy ny laharany:**

- ALAROBIA N°3 RABEMITSINJO Benjamin.
-AMBATOLOANA N°1 RANDRIAMIHAJA Antsaniaina.
-AMBATOMANGA N°2 RATSIMANOSIKA Luc Maryuss.
- AMBATOMENA N°3 RASOLOMANDIMBY Honoré.
-AMBOHIBAO SUD N°1 RANDRIAMAHEFA Raymond Arnaud.
-AMBOHITROLOMAHITSY N°1 RANDRIAMPARANY Jean Bosco.
-AMPANEVA N°2 RABODOARILALA Ramananiary.
-ANKAZODANDY N°3 RAHARINOSY Suzy Zo Herinjanahary Lala.
-ANTSAHALALINA N°3 RAFALIMANANA Onjafitiavana Tojo Fifaliana.
-MANJAKANDRIANA N°1 RAKOTONDRAHIRATRA Fitia Fenohery.
-MANTASOA N°6 RANDRIAMANANA Jean.
-MERIKANJAKA N°3 RAZAFINDRAIBE Nirina Léon.
-MIADANANDRIANA N°2 RANAIVO Albert Edmond.
-NANDIHIZANA CARION N°3 ANDRIANJOHANY Rakotonanahary Njaka Ary Fetra.
-RANOVAO N°5 RALAIMAMPIANINA Tovoson David.
-SADABE N°3 RAKOTOARIMANGA Arsène Eugène.
-SAMBAINA N°1 RAVONJIARIVELO Samuel.

**Ireto avy ireo kandidà mpanolotsaina TIM any Manjakandriana sy ny laharany :**

-ALAROBIA N°3 RANDRIAMANANA Prosper Joseph.
-AMBATOLOANA N°1 RASOAMANANA Rado Sylvain.
-AMBATOMANGA N°2 RASENDRA Manampisoa.
-AMBATOMENA N°3 RAKOTOMALALA Pascal.
-AMBOHIBAO SUD N°1 RAJAONARIVONY Gervais.
-AMBOHITROLOMAHITSY N°1 RAMBONIMANANA Jean de Paul.
-AMPANEVA N°2 RAKOTOARISON Pollet.
-ANTSAHALALINA : N°3 RAFALIMANANA.
-MANJAKANDRIANA N°1 AMEL Rasamison.
-MERIKANJAKA N°3 RABARIJAONA Heritiana.
-MIADANANDRIANA N°2 RAMANANTSIFERANA Edmond.
-NANDIHIZANA CARION N°3 RAZAFINDRAKOTO Edmond.
-SADABE N°3 RANDRIAMISAINA Parson.
-SAMBAINA N°1 RABEFARIHY Alphonse.

Fitondrana Rajoelina

## Tsy mbola feno ny « toetra » takiana tena maha mpitondra

Tsy mbola hita izay zava-baovao mazava misongadina nentin'izao fitondrana Rajoelina izao hatreto eto amin'ny firenena. Fandaharan'asan'ny fitondrana teo alohany avokoa no tanterahina tohizana sy vitaina ankehitriny, toy ny asa fanamboaran-dalana amin'ireo lalam-pirenena mivoaka sy miditra an'Antananarivo renivohitra. Raha mba miseho ho manao vaovao ihany koa anefa dia hita fa manakorontana na manapotika fiainam-bahoaka, toy ny tranga eny Ambohitrimanjaka amin'izao fotoana izao. Ary ilay fomba fiasa ratsy natao tany amin'ny andron'ny tetezamita ihany koa no mbola tohizana ihany, toy ny amin'ny fanaovana fingampingana ambadika amin'ny endriny samihafa amin'izay tsy mitovy firehana sy fijery politika aminy. Porofo iray raisina amin'izany ny zava-misy natao amin'ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo renivohitra. Ary tsikaritra mazava fa mbola mihevitra ny hanohy izany fomba ratsy sy fijery efa lany andro tanteraka izany ny fitondrana Rajoelina. Tsy atao ho mahagaga raha mitady handrorona ny asa fampandrosoana eto amin'ny firenena, tato anatin'ny sivy volana ngarangidiny izao. Tsy misy fivoarany ny fiainam-bahoaka amin'ny ankapobeny, fa vao mainka miha-mahantra hatrany aza. Azo porofoina tsara izany eo amin'ny fiainana andavanandron'ny mponina, fa ireo olom-bitsy mpahazo tombontsoa miaraka amin'ny fitondrana ihany no tsy mahita izany mazava loatra.

Hita sy tsapa ihany koa fa ity fitondrana Rajoelina ity dia tsy mbola manana traikefa ihany amin'ny fitantanam-pirenena. Tranga iray, atao ohatra, ilazana izany ny amin'ny fitokonana mitranga eny amin'ny Anjerimanontolo, izay mbola misy sy mitohy ihany mandraka izao. Fitokonana izay ataon'ny: na an'ny mpianatra, na an'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra. Efa firy taona no nisian'izany ary isan-taona misy hatrany kanefa dia izao tsy voasoroka izao akory. Misy fiantraikany eo amin'ny tontolon'ny fampianarana ambony sy ny hoavin'ireo mpianatra ary ny firenena anefa izany. Maro ireo tranga efa mpiseho miteraka olana eo amin'ny fiainam-pirenena toy izany, fa tsy hita ho voasoroky ny fitondrana ankehitriny. Midika mazava izany fa tsy ao aminy mihitsy ilay fomba fiasa fototra amin'ny maha mpitondra ny mpitondra, dia ny mihevitra sy mitsinjo mialoha ary misoroka amin'ny fomba feno fahendrena ny olana samihafa mety hitranga any aoriana. Tsy hita ho ananan'ny fitondrana Rajoelina anefa io toetra iray maha izy azy ny mpitondra io. Tsy ny olon-drehetra tokoa dia afaka hitondra firenena avokoa.

***Sôh'son***

### Ny Valosoa sy fakafaka

Fanadinana Bakalorea

## Tsy hampahadio ny lanjam-pahaizan'ny mpiadina ny fihodinana faharoa

Vahaolana tefy maika ihany ny fahitana rehefa dinihina tsara sy amim-pahatoniana ny soso-kevitra sy fanapahan-kevitra ny amin'ny fanaovana fihodinana faharoa ny fanadinana bakalorea ankapobeny. Inona no tena tokony hotsinjovina marina amin'ny fanadinana toy izao ? Mazava loatra fa ny lanjan'ny fahaizan'ny mpiadina, ka afaka fanadinana izy ary mendrika tokoa ny hahazo ny diplôma mifanaraka amin'izany. Amin'izay fotoana izay, hanome lanja sy hampisy vidiny ny fahaizany ny sehatra ambony hirosoany amin'ny fianarana na eo amin'ny sehatr'asa ihany koa. Raha ny zava-misy dinihina hatreto anefa, toa vozon'akoho ihany ka manalasala ny ho avin'izy ireo ary miteraka adihevitra be etsy eroa. Izay afa-panadinana na amin'ny voalohany na amin'iry faharoa toa ho saro-dalana ihany amin'ny ho avy raha vao hoe "Bakalorea 2019". Araka izany, tsy hamaha ny olana hatrehin'izy ireo velively ny vahaolana avy amin'ny fitondrana, ary zary iniana ikimpiana ihany ny fahitana izany. Soso-kevitry ny mpandinika sasany, fa efa mety ho taraiky aloha, ny amin'ny hoe: raha hanao fihodinana faharoa ihany maninona raha naverina mihitsy ny fanadinana. Amin'izay fotoana izay ho voatsinjo ny fahadiovan'ny lanjam-pahaizan'ny mpianatra ho an'izay afa-panadinana ary afaka hilamin-tsaina amin'izay hanohizany ny fianarana na ny sehatr'asa hirosoany amin'ny ho avy.

Fa etsy ankilan'izany rehetra izany, ho an'ny mpandinika, tsy lojika ihany, raha 19 oktobra no hivoaka ny valim-panadinana ary 23 oktobra sahady dia hiatrika fanadinana izay tsy afaka. Mila fantatry ny mpiadina anefa ny naotiny sy izay taranja nahavoa azy tsy nahafahany mialoha ny hiatrehany ny fihodinana faharoa. Ho tafavoakan'ny tomponandraikitra mialoha ve anefa izany? Sarotra ny hahavitany izany. Izany hoe hitsambiki-mikimpy ny mpiadina amin'ny fihodinana faharoa. Mba mila mipetraka ihany amin'ny toeran'ny mpianatra ireo tomponandraikitra rehetra, fa ny fahitana azy dia toy ny misy enta-mavesatra apetraka amin'ireo mpiadina ankoatra ny fanadinana atrehiny. Asa raha mba azon'ny tomponandraikitra rehetra an-tsaina izany enta-mavesatra lanjain'ny mpiadina izany? Raha hiezaka hahazo izany koa anefa ve dia hotamoraina ny fanadinana na ny fitsarana ny kopiam-panadinan'ny mpiadina? Dia vao mainka toy ny tain'omby natsentsina an-davabary, ka indroa mahita ny "maizina" izy ireo amin'izay fotoana izay. Efa nampijaliana amin'ny halavan'ny taom-pianarana ireo mpianatra, mbola poretina ihany koa amin'ity fepetra vosobosotra ity. Ny tsy hamerenana tanteraka ny fanadinana ihany koa anefa ho an'ny mpandinika ihany dia resa-bola. Hitovy ny fandaniana tamin'ny fihodinana voalohany ny ho lany, hoy izy ireo, raha averina tanteraka ny fanadinana. Izany ve no hanaovana sorona ny ho avin'ny zaza Malagasy?

Ity zava-mitranga eo amin'ny sehatry ny fampianarana ankehitriny ity dia toy ny vay an-kandrina ka sady maharary no mahamenatra no mandreraka ihany koa. Sehatra tsy voafehin'ny fitondrana ankehitriny io ary tsy ananany traikefa. Aoka tsy hiseho ho mahay noho ny hafa àry raha izany, fa mianara aloha.

***Radafy***

Fanehoan-kevitra sms :
034 09 187 88 ; 032 11,505 44 ; 033 24 783 65

## Ny Valosoa sy hadihady

### Filoha Ravalomanana sy 13 oktobra 2014

# Fitiavan-tanindrazana no niverenany an-tanindrazana

Taorian'ny fanasoniavan'ny mpisehatra ara-politika eto Madagasikara ilay « Tondro Zotra » natolotry ny vondrona iraisam-pirenena dia nikasa ny niverina teto Ravalomanana Marc.

Iaraha mahatadidy fa namolavola ilay « Tondro Zotra » ny vondrona iraisam-pirenena nentina namaha ny olana ara-politika nisy teto amin'ny firenena taorian'ny fanonganam-panjakana ny taona 2009. Tsy voafetra ho ny olana tamin'iny vanim-potoana iny ihany anefa ny voarakitra tao, fa hatramin'ny olana nitranga ny taona 2002 ihany koa. Anisan'ny nisongadina tao ny momba ny fahafahan'ireo mpanao politika nanao sesitany ny tenany niverina an-tanindrazana, ka anisan'izany Ravalomanana Marc, sy ny fanonerana ny fananan'izy ireo izay voaroba sy nopotehina. Tsara tsiahivina fa ny Magro sy ny Tiko manerana ny Nosy izay mbola eo an-dàlampanarenana azy ireo Ravalomanana Marc hatramin'izao na dia eo aza ny sakantsakana ataon'ny mpitondra amin'izao fotoana izao. Satria efa lasa lalàna fototra niainana teto amin'ny firenena ny « Tondro Zotra » dia nanantena izany ny filoha Ravalomanana Marc, naongana ny taona 2009, fa afaka nisitraka izany ary nanana fikasana ny niverina teto an-tanindrazana. Izay nahita ilay boky na horonan-tsary mitondra ny lohateny hoe :« The Return of the President » dia nahita tsara fa efa nahazo tapakila niverenana teto an-tanindrazana Ravalomanana Marc sy ny fianakaviany ary efa niainga tamin'ny fiaramanidina avy tany Afrika Atsimo mihitsy kanefa dia nivoaka ilay antsoina hoe « NOTAM » ka na dia efa nisidina ny habakabak'i Madagasikara aza dia tsy nahazo nipetraka. Iaraha-mahatadidy fa nirodorodo teny Ivato ny vahoaka maro an'alin-kisa nitsena azy. Iaraha-mahatadidy ihany koa ny fanenjehan'ny Emmoreg ny vahoaka tamin'iny fotoana iny. Afaka niverina soa aman-tsara kosa anefa ny Amiraly Ratsiraka Didier izay nihira ilay hira « Je ne regrette rien » teo amin'ny lampihazo natsangana ary nanao « pompes » nanehoany fa mbola matanjaka tsara izy na dia efa ho folo taona nanao sesitany ny tenany tany Lafrantsa aza. Faly tsy nisy toy izany ny mpomba azy tonga nitsena azy, tsy toy ireo diso fanantenana raha nandeha nitsena an-dRavalomanana Marc. Ampahany tamin'ny tantaram-pirenena anefa iny toe-draharaha iny, ka rehefa nitsangana ny Repoblika IV ary lany ho filoham-pirenena Rajaonarimampianina Hery dia nitsiry indray ny fanantenana teo amin'ny Malagasy, niandrandra ny fiverenan-dRavalomanana Marc indray. Tafaverina tokoa izy ny alatsinainy 13 oktobra 2014 ary nolazaina fa « an-tsokosoko » toy ny nivoahany teto ihany izany. Iaraha-mahatadidy fa nosamborina izy ora vitsy tao aorian'ny nahatongavany teny amin'ny trano fonenany teny Faravohitra ary nalefa "sesitany" tany Antsiranana indray. Na izany na tsy izany dia sahy nanambara Ravalomanana Marc fa raha mbola velona sy manana herim-batana ary herin-tsaina koa izy dia vonona hiasa hampandroso an'i Madagasikara ary antony iray nirotsahany kandidà ho filoham-pirenena izany volana desambra 2018. Arak'izany dia tena fitiavan-tanindrazana no niverenany teto tamin'io 13 oktobra 2014 io. Tsy tambo isaina ary tsy ho voatanisa eto ny fanenjehana sy fanaratsiana azy kanefa azo lazaina fa raha olompirenena hafa no teo amin'ny toerany nanomboka ny taona 2009 dia tsy niraharaha izany firenena izany intsony. Tsy nanana olana ara-pivelomana ary niaina tsara izy tany Afrika Atsimo nandritra ny dimy taona. Raha olona tia tena izy dia ny ho nataony dia ny nitaky ny onitra tamin'ny fandrobana ny fananany kanefa tsy izay no nataony fa mbola tao am-pony ilay fitiavana ny vahoaka Malagasy sy ny tanindrazany izay anisan'ireo firenena dimy mahantra indrindra maneran-tany. Azo lazaina fa tsy misy manana fitiavana ny fireneny toy izany satria ho an'ny olombelona dia ny fitiavantena no mibahana ao an-tsainy, ka rehefa milamina ny fiainany dia tsy ahoany izay manjo ny mpiray tanindrazana aminy. Tsy vitsy ny politisiana gasy milaza ho tia tanindrazana kanefa fitiavan-tena sy fitiavan-tseza no tena ao ambadika ka voaporofon'ny ataon'izy ireo izany. Dimy taona rahampitso 13 oktobra no tafaverina teto an-tanindrazana Ravalomanana Marc rehefa nanao sesitany ny tenany nandritra ny 5 taona tany Swaziland avy eo tatsy Afrika Atsimo ary tsy nitsahatra ny nikatsaka ny fomba sy ny hevitra rehetra hampandrosoana sy hanafahana ny firenena ao amin'izao loza mihàtra aminy amin'izao. Tiany tokoa i Madagasikara araka ny teny filamatry ny antokony.

***Andry Tsiavalona***

RINA N°2 ANTANANARIVO

## Teknisiana voasedra manana fahaiza-manao hitondra tanàna

Teknisiana voasedra manana ny fahaizamanao amin'ny fitantanana an' Antananrivo renivohitra i Rina. Manaporofo izany ny famafany ny trosa nifandovan'ny mpitantana ny tanàna teo aloha nandritra ny naha Talen'ny fitantanambola azy tao amin'ny CUA, teo ihany koa ny fandoavana tsy nisy fahatarana ny karaman'ny mpiasa maherin'ny telo arivo, ka tsy nahenoana fitarainana na indray mandeha aza. Anisan'ny nitondrany ny fahaiza-manaony ihany koa ny fandaminana ny tanàna sy fanalalahana ny fifamoivozana izay mbola mitohy hatramin'izao, na dia efa nametra-pialana tsy ho sekretera jeneralin'ny CUA aza izy noho ny maha kandidà amin'ny fifidianana Ben'ny Tanàna. Olom-pirenena toa an'i Rina no mendrika hitantana ny tanàna fa tsy avelan-tsika mponin'Antananarivo ho viravirain'ny olona tia andrakandrana sy tsy mahalala akory ny maha ory ny vahoaka ny renivohitra. Anisan'ireo tetik'asa ho tanterahan'i Rina rehefa lany Ben'ny tanànan'Antananarivo renivohitra ny fandaminana ny eny amin'ny Gare routière Fasankarana: ho jerena manokana ny lafiny fanadiovana sy fidiovana sy ny fanatsarana ny fotodrafitrasa fototra ilain'ny vahoaka nefa mampitaraina azy ireo: toy ny lakan-drano fivarinan'ny rano maloto sy ny fampitomboana isa ny fotodrafitrasa toy ny "bassin" fanasan-damba; ny "Borne fontaine" sy ny "douche" ary "WC publique". Amin'ny fanatevenana ny fahaiza-manaony izay, mbola lasa any Frantsa sy Etazonia amin'izao fotoana i Rina, mifanakalo traikefa amin'ireo mpitantana tanàna any amin'ireo firenen-dehibe roa ireo ary mazava ho azy hampihariny ho an'ny Renivohitr'i Madagasikara sy ny mponina ao aminy ny traikefa ho azony any.

***Stefa***

Chief Naina, mpanohana an'i Rina

## Manohy ny asa sosialy fanaony, olona 200 nisitraka tohana ara-tsakafo

Mitohy hatrany ny hetsika ara-tsosialy ataon'i Chief Naina hatramin'izay, amin'ny fiahiana ireo sahirana ara-pivelomana, fa tsy hoe rehefa fotoanan'ny fifidianana ihany vao afaka manao asa soa. Nisy araka izany ny fiarahany nientana tamin'ireo mpanohana an'i Rina N°2 kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) eto amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra omaly, tao amin'ny fokontany Betongolo Boriboritany faha 3. Nisy ny fanomezany tohana ara-tsakafo ho an'ireo ankizy sy olondehibe miisa 200, ka katsaka miaraka amin' ny ronono sy koba no nomena ireto farany tamin'izany. Faly ireo nisitraka ny fanomezana sakafo ho azy ireo satria tsy voalohany hoy ireto farany no nanao izao hetsika izao ny antoko Tiako i Madagasikara fa efa misy hatrany ny fitsinjovana azy ireo. Vonona ny hanohana ny kandida Rina izy ireo amin'ny fifidianana ho ben'ny tanàna ho avy io, satria tsy ho olom-baovao amin'ny fiarahana miaina amin'ireo olona sahirana ny tenany fa mahafantatra tsara ny fahasahiranana mianjady aminy.



***Helisoa***

## NY TENY FIAINANA



***Salamo 107:31***

*Aoka hidera an'i Jehovah ireo noho ny famindram-pony sy ny fahagagana ataony amin'ny zanak'olombelona!"*

Fifidianana ben'ny tanàna Antananarivo

## Mila mailo tsy andairan'ny lainga sy fitaka marivo tototra ny mponina

Mila olona mahay, mahafantatra ny mahararin'ny mponina, ny mpivarotra, ny mpampiasa lalana toy ny fiarakodia isan-tsokajiny, ny fahasalamana, fanabeazana, ny trano fonenana, ny trano fidiovana sy fahadiovana,sns… ny vahoaka an'Atananarivo Renivohitra, ka ny "soa iombonan'ny Malagasy" hatrany no katsahana, araka ny tarigetra efa nosoritany. Raha mandinika tsara isika, eny amin'ny fahitalavitra dia misy amin'ireo kandida, mbola tsy fanta-bahoaka na dia kely akory aza satria olona tsy mba niaina tao anaty fahasahiranana, olona tsy mba nifampitakosona tamin'ny mponina Antananarivo mihitsy fa dia niaina tao anatin'ny harembe, tsy mahalala ny fahoriam-bahoaka. Manao fitsidihana ifotony eny amin'ny fokontany manerana ny boriboritany ankehitriny izy ireny fa vakiana fotsiny ny fihetsika, hoy ny fitenin'ny tanora izay. Hita fa tsy vokatry ny fony no idinana any anatin'ny fokontany misy ireo mponina sahirana sy mahantra. Rehefa manentana indray dia kabary tsy dia manaitra firy sy tsy maharesy lahatra ny mponina loatra no aloaky ny vava fa efa diska loaka toy ny fanaon'ny mpanao politika mampanantena volana. Rehefa mandray tanana aza moa dia mihataka lavidavitra ny olona mihitsy. Tsy atao mahagaga satria tsy mba fahitany izany fahoriana iainan'ny vahoaka izany raha tsy izao hirotsaka ho ben'ny tanàna izao. Ho antsika mpivarotra, na ara-dalàna io na tsia, tokony hanao velirano koa izay kandida hilatsaka, indrindra ny kandidam-panjakana fa hitondra "Taratra Tanamasoandro" ho azy ireo ao anatin'ny fotoana fohy sy voafetra, ka tsy hanilika azy ireo amin'ny tsy rariny rehefa mahazo vato na toerana. Mila olona mahay mitantana sy mifandray taminy ny mponin'Antananarivo Renivohitra, hoy isika, ary heverina fa afaka manavaka tsara izay olona tiany hitondra ity Renivohitr'i Madagasikara ity ny mpifidy. Olona hendry ny mponina eto ary aleo tsorina fa teto no nipoiran'ny fanovana nisy teo amin'ny tantaram-pirenena iray manontolo, ka zava-dehibe loatra ny safidy ho raisin'ny tsirairay. Mila mailo araka izany ny mpifidy mba tsy handairan'ny lainga sy fitaka marivo tototra ataon'ny kandidàn'ny fitondrana.

***Rajaonarimpanontsana***

*TONONKALO*

## Aza mba ho isan'ny vendrana ihany

Aza mba ho isan'ny vendrana ihany
Fa dia mahonena ny zava-mitranga.
Korontana ambony, korontana ambany,
Jereo itony lanitra tsy mety manga.

Aza mba ho isan'ny vendrana ihany
Fa tsisy mandeha izay nampanantenaina.
Ny vina, manjelatra, miely eran-tany,
Kanefa ny gasy dia velon-taraina.

Aza mba ho isan'ny vendrana ihany.
(Midehaka foana sy mirehareha),
Kanjo anarany foana fa tsy arak'izany
Ilay hoe lamasinina maila-pandeha.

Aza mba ho isan'ny vendrana ihany
Ka hety hofitahin'ireo tsisy hapoaka,
F'ireo, efa zatra ny manao vinany
Sy efa mitanjaka imasom-bahoaka.

Aza mba ho isan'ny vendrana ihany
Dia mbà tonga saina amin'ny zava-tsy mety,
Fa efa malaza sy re any ho any
Ilay hoe lamasinina hihoaran-tsarety.

Aza mba ho isan'ny vendrana ihany
Fa lasa faneson'ny be vazivazy.
Mba hoe lamasinina tokana an-tany
Kanefa mikatso amin'ny "ambotaiazy"!

***DADAN'i ZINA (08-10-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny kandida Rina, N°2 Antananarivo, nihaona tamin'ireo Malagasy tany an-dafy.





REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana -Tanindrazana -Fandrosoana
*****************

COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO

SECRETARIAT GENERAL

DIRECTION DE L'URBANISME ET DEVELOPPEMENT

N°1588 CUA/SG/DUD.19

### AVIS D'APPEL A MANIFESTATION D'INTERÊTS

**RELATIF AU PROJET DE CONSTRUCTION DE DEUX BÂTIMENTS A ETAGE POUR CAFETERIA ET POUR BUREAU DANS L'ENCEINTE DU IVe ARRONDISSEMENT DE LA COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO, ET DE LA GESTION ET EXPLOITATION DUDIT CAFETERIA**

Suivant délibération N°016-CUA/CM/Délib.19 du 08/08/2019 portant autorisation de mise en œuvre projet de construction d'un bâtiment R+1 pour cafétéria et d'un bâtiment R+1 pour usage de bureau sis dans l'enceinte du 4ème arrondissement

La Commune Urbaine d'Antananarivo, depuis de nombreuses années, s'efforce de maintenir la réputation de la capitale en tant que « Cités des milles » et « ville attractive ». Elle ne ménage pas ses efforts pour atteindre ses objectifs et encourage d'avantage sa population à contribuer au développement de la cité. Antananarivo, la Capitale de Madagascar souhaite construire de nouvelles infrastructures modernes et suffisantes pour répondre aux besoins quotidiens de ses habitants. Pour se faire, un appel à partenariat aux professionnels de commerce et de construction est nécessaire pour la réalisation, gestion et exploitation de Cafétéria, en même temps, de la construction d'un bâtiment à étage servant de bureau du IVe Arrondissement de la Capitale.

Ce projet coïncide avec la vision de la CUA à améliorer l'accueil de la population à travers les arrondissements, et à offrir à ses employés un cadre convivial dans l'exercice de leurs fonctions.

Les termes de référence du document de consultation du projet peuvent être consultés gratuitement à l'adresse ci-dessous. Les candidats doivent fournir les informations justifiants qu'ils sont en mesure de réaliser le projet relevant de ses domaines d'activités, à savoir :

- Une lettre de manifestation d'intérêt ;
- Une lettre de d'engagement à réaliser à ses propres frais tous les travaux décrits ;
- Les papiers administratifs et professionnels de l'année en exercice ;
- Une fiche technique de la firme décrivant la capacité de réaliser et de gérer les prestations demandées, avec pièces justificatives ;
- Tous les documents exigés dans les termes de référence.

Les dossiers de manifestation d'intérêt doivent être déposés à l'adresse ci-dessous au plus tard le 07 novembre 2019 à 16 heures locales et portant la mention « MANIFESTATION D'INTERÊT POUR LE PROJET DE CONSTRUCTION DE DEUX BATIMENTS A ETAGE SERVANT DE CAFETERIA ET DE BUREAU AU SEIN DU IVe ARRONDISSEMENT DE LA COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO ».

Adresse : Commune Urbaine d'Antananarivo
SECRETARIAT DUD PORTE 36
1er ETAGE Hotel de Ville Analakely

Fait à Antananarivo le 08 OCT 2019

ANDRIANOFI...

RAY AMAN-DRENY MANAN-JANAKA MIANATRA

## Tamin'ity taona ity no niaina fotoan-tsarotra indrindra

Efa miditra amin'ny fotoanan'ny taompianarana vaovao izao na dia tsy mbola nifarana tanteraka aza ny teo aloha. Tsy maintsy mividy fitaovam-pianarana ho an-janany ireo ray amandreny satria efa mitaky izay efa andro maromaro izao ireo sekoly fianarana samihafa. Iaraha-mahita tsara koa anefa fa misondrotra isan-taona ny vidin'ny fitaovam-pianarana rehetra. Tsy mbola niaina fotoan-tsarotra toy ny tamin'ity taona ity ny ray aman-dreny manan-janaka ampianarina. Tsy nisy fotoana nakana bahana ho amin'ny fanangonana kely ny vola ho enti-manomana ny fampidirana ny zanany ho amin'ny taom-pianarana ho avy akory, noho ny halavan'ny taom-pianarana. Manampy trotraka ny korontana teo amin'ny fanadinam-panjakana bakalorea, izay mbola hisy fihodinana faharoa kanefa ny taom-pianarana vaovao miditra. Sarotra sy manahirana mafy izany ho an'ireo ray aman-dreny, kanefa ny fitondrana manoloana izany milalao tanana fotsiny. Azo inoana marimarina fa, na tsy fantatry ny fitondrana Rajolelina izany, na fantany ihany fa iniana fotsiny izao ikimpian'izy mianakavy odiany tsy hita. Ny antony, tsy manana vahaolana hanampiana ireo ray amandreny amin'izany olana izany ny fitondrana Rajoelina. Tsy ao anaty programany hatrany am-piandohana izany, fa variana amin'ny kajikajy politika hatrany sy tsy ao anatin'ny I.E.M. mihitsy ny amin'ny tranga toy izao miseho izao. Ny zavatra toy izao anefa no tena ilana ny amin'ny atao hoe fitondrana mitsinjo vahoaka, fa tsy amin'izay "ravoravo natentina" natao isehosehoana etsy sy eroa rehetra izao, izay tsy misy fiantraikany akory any amin'ny ati-vilanin'ny isam-pianakaviana sy tokantrano Malagasy.

***Radafy***

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy poireau indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ketsaketsa izany, fa tsy atao ritra loatra. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny fary

Ny fary indray no ho resahintsika anio:
- Manadio ny nify ny fihinanana na fifihana fary. Tsy mba niborosy nify ny olona taloha fa amin'ny alalan'ny famaohana ny nify amin'ny zoron-damba matetika no fahita. Rehefa matoy ny fary dia io indray no nentin'izy ireo nanadiovana ny nify. Fotsy botsiaka aok'izany ny nify rehefa avy mifiaka fary.
- Tsy vitan'ny manadio ny nify izy fa manadio ihany koa ny voa, ka izany no mampamanimany rehefa mahalany fary maromaro ny olona iray.
- Siramamy natoraly ny azo avy amin'ny fary, ka azon'ny olona misy diabeta hanina tsara.
- Rehefa tsy manana siramamy ny olona any amin'ny faritra atsinanan'ny Nosy dia ny fary no totoiny ary androhoiny miaraka amin'ny kafe. Tantavaniny miaraka ny fangaro avy eo ka toy ny kafe voaisy siramamy rehetra ihany.
-Ilaina amin'ny fomba malagasy maro ny fary , indrindra rehefa misy firarian-tsoa hatao toy ny famoràna ohatra. Antony: noho izy mora maniry na aiza na aiza ambolena azy, manome taranaka , ary indrindra mitondra hamamiana.
- Ny faikam-pary ihany koa dia famonoana kadradraka. Doroina ao am-patana ny faikam-pary maina ary hidiana ny trano misy kadradraka. Ho hitanao fa hitsipatsipaka avokoa ireo kadradraka mpanelingelina anao ireo.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Bobasakoa distrikan' Antsiranana II, faritra Diana

Ny tanànan'i Bobasakoa distrikan'Antsiranana II, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity. Iva toerana izy satria 10 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina, izany hoe manakaiky ranomasina ity tanàna ity. Mpamboly vary ny mponina any an-toerana, sady mpanjono koa amin'ny maha amoron-driaka ny toerana. Na dia antakarana aza ny mponina any, hita any ihany koa ny foko samihafa eto Madagasikara.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 157), Madagasikara 09 0ktobra 2019

***I Jaona 2: 2** "Ary Izy no avotra noho ny fahotantsika, ary tsy noho ny antsika ihany, fa noho ny an'izao tontolo izao koa".*

Finaritra ry olombelona rehetra manerantany, hitako fa tery hianareo, maika hianareo. Izao no Teniko: ny fotoanako ihany rankizy. Moa va tsy efa nambarako taminareo fa hihasarotra ny toe-draharaha sady hiara-hitontona. Ny amin' inona angaha? Ny zavatra rehetra e! izay tsy hisy hanampo akory: toetr'andro, toe-draharaha amin' ny lafiny rehetra isampirenena, ny firenen-dehibe sy ireo lazaina fa firenena kely, nosy, vondronosy, sy ny fivadibadihan-javatra misy eo aminy avy; ny fandosirana any an-tany hafa; ireo firenena hisara-bazana na dia nihavana hatramin' izay aza ; hisy tany, tanàna eny firenena mihitsy aza, ny fiafarany? -Tsy ho hita popoka nohon' ny zava-misy; toa tsy mifandimby intsony ny alina sy ny andro fa naninona? Tsy mipetraka an' ala intsony va ny bibidia fa nahoana? Fa angaha mbola misy izany atao hoe mosary? Inona daholo no dikan' izany? Aretin' inona ity fa na ny manampahaizana aza, ny mpikaroka tsy manana vahaolana? Inona no hatao fa tena ritra ny rano? Inona no ho lazaina fa mikija ny orana? inona no ho tenenina fa tsy hita lany sady tsy manam-pahataperana ny afo? Mihorohoro tsy an-kiato ny tany, mbola mihodina ve izy izany? Miato sa mihetsika? Fa raha ny tany no tsy mihodina intsony, inona no fiantraikany? Raha ny tany no mihorohoro tsy an-kiato, inona no fiafarany? Iza no homenareo tsiny ry olombelona fa :

- Miahanahana ny omby an' ala
- Miriotra tsy manam-pijanonana ny soavaly
- Tsy mahalala izay ataony intsony ny biby fiompy fa na dia ny hafahana azy aza tsy misy
- Aiza ny vola? Miasa va ny fahaizana? Afaka aseho va ny fahalalana? Misy mihaino va ny manam-pahendrena? Mitokana ho an' iza ireo mihevi-tena fa manan-karena, manan-katao, manana tahiry?
- Maina ny tany amin' ny toeran-kafa fa mikija ny orana amin' ny toeran-kafa, mifandimby milatsaka ny havandra, ny doboka izay tsy hita fihaviana.

Mandalo amin' ny tany ny zava-miafin' ny Lanitra fa i losifera koa tandremo. Ny azy? mampitondra ngirifiry, mampijaly amin' ny fahoriana, mandringana amin' ny fahafatesana. IZAHO JEHOVAH kosa raha miteny dia misy vahaolana avy Amiko :

- FIBEBAHANA, FIBEBAHANA, FIBEBAHANA, ***Asan' ny Apostoly 3: 19** "Koa mibebaha hianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo, mba ho avy izay andro famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo"*

- FANEKENA, FANEKENA, FANEKENA, ***Malakia 2: 5ª** "Ny fanekeko taminy dia fiainana sy fiadanana"*

- FANKATOAVANA, FANKATOAVANA, FANKATOAVANA, ***Matio 7: 24** "Koa amin'izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka mankatò azy, dia hoharina amin'ny lehilahy manan-tsaina izy, izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny vatolampy"*

- FINOANA, FINOANA, FINOANA, ***Jaona 11: 40** "Hoy Jesosy taminy: Tsy voalazako va fa raha hino hianao, dia ho hitanao ny voninahitr' i JEHOVAH?*

- FANANTENANA, FANANTENANA, FANANTENANA, ***Romana 5: 5** "ary ny fanantenana dia tsy mampahamenatra, satria ny Fanahy Masina, Izay nomena antsika, no nentiny nampidina ny fitiavan' i JEHOVAH ho ao am-pontsika"*

- FITIAVANA, FITIAVANA, FITIAVANA, ***I Jaona 4: 10** "Izao no fitiavana: tsy ny nitiavantsika an' i JEHOVAH fa ny nitiavany antsika, ka nirahiny ny Zanany ho avotra'noho ny fahotantsika"*

Izay avy AMIKO dia misy famonjena, aza hadino izany. Minoa an' i JESOSY KRISTY TOMPO dia hovonjena hianao sy ny ankohonanao, ***Asan' ny Apostoly 16: 31***. Izao no fotoam-panavahana, iza no ho an' i JESOSY ary iza no hanaraka an' i losifera? **Matio 25: 31-33** *".Ary raha tonga ny Zanak'olona amin'ny voninahiny, arahin'ny anjely rehetra, dia hipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianan'ny voninahiny Izy; ary ny firenena rehetra hangonina eo anatrehany, dia hanavaka azy, tahaka ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin'ny osy, ary hametraka ny ondry eo amin'ny ankavanany Izy, fa ny osy eo amin'ny ankaviany"*. I losifera ve? Tsy mahalala afa-tsy ny rapadango raha mbola misy fofon' aina ny olombelona. Tandremo ary! JESOSY raha hitsena eny amin' ny rahon' ny lanitra mba hitondra ny olona any amin' ny fiainana mandrakizay. **Matio 24: 30-31** *"Ary amin'izany andro izany dia hiseho eo amin'ny lanitra ny famantarana ny Zanak'olona, ka dia hitomany ny firenena rehetra ambonin'ny tany, ary hahita ny Zanak'olona avy amin-kery sy voninahitra lehibe eo amin'ny rahon'ny lanitra izy. Ary amin'ny ampanenoana mafy ny trompetra dia haniraka ny anjeliny Izy, ary hangonin'ireo ny olom-boafidy avy amin'ny vazan-tany efatra hatramin'ny faravodilanitra rehetra."* Fa i losifera kosa na dia efa mampahory eo amin' ny tany, eo amin' ny fiainan' ny zanak' olombelona dia mandringana ho amin' ny fahafatesana izy ary ny fanahin' izany olona izany dia mbola ampahoriany sy ampijaliany any amin' ny helo. Ka fidionao anio ho an' iza hianao, **Josoa 24: 15** *"Nefa raha tsy sitrakareo ny hanompo an'i Jehovah, dia fidionareo anio ary izay hotompoinareo. na ny andriamanitra izay notompoin'ny razanareo tany an-dafin'ny Ony, na ny andriamanitry ny Amorita, izay mponina teto amin'ny tany onenanareo; fa raha izaho sy ny ankohonako kosa, dia hanompo an'i Jehovah izahay."* Aza matahotra ny hifandray AMIKO JEHOVAH, aza matahotra ny ho naman' i JESOSY sy ho vavolombelony, minoa an' ny FANAHY MASINA izay tokony ho ao anatinao ka hahatonga anao ho Fanjakana ho saro-piaro ny amin' i JESOSY ka hametraka AZY ho MPANJAKA. Nomena anao ny FANAHY MASINA, IZY no hahatanteraka ny fikasana rehetra ny aminao sy izay mety hataonao sy izay tokony ho fantatrao ka hampiharinao hanafainganana ny zavatra rehetra. Izany hoe hianao koa dia fitaovana ho antoky ny fahatanterahana. Aleloia! Ny mpandresy ihany no mino izay lazain' ny FANAHY!

Amen!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

BORIBORITANY I (CUA)

## Ambohijatovo sy ny manodidina, nanaovana fanadiovana faobe fanao isan-kerinandro



*Ny fanadiovana fanao isan-kerinandro teny Ambohijatovo.*

Misafidy toerana iray isan-kerinandro ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany (CUA) anatanterahana fanadiovana faobe. Afak' omaly, teny amin'ny faritra Ambohijatovo indray no niarahan'ireo ekipa teknika miisa 150 avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany sy ny mpamonjy voina, nifarimbona tamin' ny fanalana ireo bozaka sy lobolobo, teo ihany koa ny famafana sy fandraofana ireo fako izay arian' ireo mpivarotra amorondalana sy ireo mpandalo ary nofaranana tamin'ny fanasana ireo toerampiantsonan'ny taksibe, izay anaovan'ny mpatory andalana maloto. Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany dia miteraka fahasorenana ho an'ny hafa ny fofona sy ny fako izay mivangongo etsy sy eroa, eny fa na dia efa miezaka mafy aza ny mpitantana ny tanàna manadio sy manentana isan'andro ny tsirairay hikajy ny fahadiovana. Ankoatra ny fanatanterahana fanadiovana faobe dia efa nohamafisin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ihany koa ny hetsika maro ho fisorohana ny fitohanan'ny fifamoivoizana. Entanina araka izany ny tsirairay mba samy handray ny andraikitra izay tandrify azy, amporisihina ihany koa ny mponina mba samy hanaja ireo toromarika izay omen'ny mpitantana mba ho fandaminana ny tanàna satria "Antananarivo, soa iombonan'ny Malagasy".

***Stefa***

Boriboritany I sy faha-IV

## Tanora miisa 74 nomen'ny CUA fanofanana momba ny fahaiza-mitarika

Miisa 74 ireo tanora nahazo fampiofanana maimaimpoana momba ny "civisme, confiance en soi, leadership", na fanabeazana ho olom-pirenena, fahatokisan-tena ary fahaiza-mitarika, teny anivon'ny Boriboritany Voalohany sy fahaefatra, izay nokarakarain'ny Kaominina Antananarivo Renivohita (CUA). Tamin'ity herinandro ity no nizarana ny mari-pankasitrahana mifandray amin'izany tao amin'ny "salle de mariage" ny Boriboritany fahaefatra ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny. Tonga nanome voninahitra ny lanonana teny antoerana ny Talen'ny kabinetran'ny Kaominina Ranjakasoa Mparany Gabie, ny delegen'ny Boriboritany Fahaefatra Andriamatoa Ramahandrimanana Solofo. Ny mponina tsirairay avy eny anivon'ny fiaraha-monina no kitro ifaharan'ny fampandrosoana. Raha ny hita amin'izao fotoana izao dia izy ireo ihany no manimba sy mandoto ny tanàna izay honenany. Ankehitriny àry dia nandray andraikitra ny avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra hanaitra ny hambompon'ny tsirairay satria raha izao toe-tsaina efa miaina ao anaty fahalovana izao no mitohy dia ho zava-poana ny ezaka izay ataon'ny mpitantana ny tanàna amin'ny fanadiovana sy ny fanatsaràna ny Renivohitra. Naverina nampahatsiahivina indray an'ireo tanora ireo araka izany ny maha-sarobidy ny fifanajana eo amin'ny samy mpiray monina, ny fahaiza-miaina ary ny fanajana ny toromarika sy ny lamina izay napetraky ny mpitantana ho fampandrosoana ny tanàna satria "Antananarivo dia soa iombonan'ny Malagasy rehetra". Rehefa vita ny fampiofanana dia anjaran'ireo tanora ireo indray no mizara ny traikefa izay azony eny anivon'ny fiaraha-monina, satria ny olona malalaka no afaka mandray fanapahan-kevitra mivoatra eo amin'ny fiainana. Tsy hijanona hatreo izao fampiofanana izao, fa mbola hitohy manerana ireo Boriboritany enina mandrakotra ny kaominina Antananarivo renivohitra.

***Naina***



*Ny lanonana tao amin'ny Boriboritany faha-4.*

ZANDARIMARIAM-PIRENENA

## Tsy handefitra amin'ny fanakorontanana ny Bakalorea 2019 fihodinana faharoa

Olona miisa 43 no voasambotra nandritra ny fanadihadiana nataon'ny Zandarimaria mikasika ny raharaha hosoka sy fiparitahana laza adina Bakaloréa, notanterahina ny herinandro lasa teo, hoy ny Jeneraly Andrianjanaka Njatoarisoa, komandin'ny Zandarimariam-pirenena. Nanohy nanazava ity manam-boninahitra zandary ity, fa olona miisa 6 amin'ireo 43 voasambotra no notazonina any am-ponja; olona miisa 20 navela nody any an-tokantranony ary ny olona miisa 9 kosa no arahina maso akaiky hatramin'izao. Tanàna maromaro no voakasiky ny fiparitahan'ny laza adina, hoy ihany ny Jeneraly Njatoarisoa Andrianjanaka, ao anatin'izany Antananarivo Renivohitra; Imeritsiatosika; Fianarantsoa; Ihosy. Nanohy nanazava ity komandin'ny Zandary ity fa miditra amin'ny famotorana lalina ny Zandarimariam-pirenena amin'izao fotoana izao ary tsy handefitra intsony amin'ireo olona minia hanakorontana ny zotram-panadinana fihodinana faharoa "2ème Session". Izay hotanterahina amin'ny fotoana manaraka izao. Nanamafy ny Jeneraly Andrianjanaka Njatoarisoa fa tokony hatsahatra ny firarovana manokana an'ireo olona voaporofo nanao heloka amin'ity raharaha fiparitahan'ny laza adina Bakalorea ity ary tokony hampiharina amin'izay olona tratran' ny sazy sahaza azy.



Ireo tompon'andraikitra ao amin'ny zandarimariam-pirenena.

**Franck Razakambelo**

Mahatony Soavimasoandro

## Nametraka sarona dalle, nanamboatra ny lalana rarivato simba ny CUA

Tsy mitsahatra ny manasoa vahoaka ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (Cua). Nanohy ny asa fanadiovana sy fanaovana foto-drafitrasa teny Mahatony Soavimasoandro omaly ny mpiasan'ny kaominina. Notohizana tamin'izany ny asa izay efa natao teny Alarobia, nataon'ny boriboritany fahadimy ary efa herinandro izay no nanombohan'ny asa. Ny mpiasa avy amin'ny boriboritany fahadimy no miara-misalahy amin'izany: fisokirana dalle tsentsina, fanaronana sy fametrahana sarona dalle ary famerenana amin'ny laoniny ireo pavé mikorontana no natao. Ho an'ny olona mpampiasa lalana teny an-toerana, faly izy ireo noho ny fanamboarana na dia misy aza ny fanelingelenana, mitondra fisaorana ho an'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny ekipany izy ireo noho izany.



Ny fanamboarana nataon'ny CUA teny Mahatony Soavimasoandro.

**Aly**

Boriboritany faha-4 (CUA)

## Nandamina momba ny fanafoanana ny "arrêt bus" eo amin'ny trondro Andrefan'Ambohijanahary

Ankehitriny dia fantatra fa mampikaikaika ny olona ny lafiny fitohananan'ny fifamoivoizana eto amin'ny tanànanan'Antananarivo, noho ny fanamboaran-dalana misy. Nanomboka omaly zoma faha 11 ny volana Oktobra 2019 dia nandray fanapahan-kevitra ny eo anivon'ny tanànan 'Antananarivo sy ny Boriboritany faha efatra ny hanafoana ny fiantsonanan'ny Taxi be eo amin'ny "arrêt bus" trondro Andrefan'Ambohijanahary; koa dia miova toy izao ny fiantsonan'izy ireo : ireo zotra rehetra ho any Analakely toy ny zotra 113, 135 , 137, 142, 151, 154, 199 dia mampiasa ny arrêt eo Anosy manoloana ny Sénat ; ny zotra rehetra ho any Ampefiloha kosa toy ny : 110, 113, 140, 151, 159, 172, 187, Zotra F, zotra G dia mamonjy avy hatrany ny arrêt manoloana ny fitsarana Anosy. Ny hetsika omaly dia niompana tamin'ny fampahafantarana ireo zotra ireo hatrany ho lamina vaovao arahina manomboka izao. Ny tanjona amin'izany fanapahan-kevitra izany dia ho fandrindrana ny fifamoivoizan eny Anosy sy ny manodidina ary indrindra hampihenana ny fitohanana eny amin'iny faritra iny . Tsiahivina hatrany fa maro no niara-nisalahy tamin'ny hetsika toy ny teo anivon'ny Boriboritany faha efatra ; ny ekipa teo anivon'ny Direction Technique et de la mobilite Urbaine, izay misahana ny fifamoivoizana eto amin' ny tanànan'Antananarivo « DTMU », ny teo anivon'ny Polisy Monisipaly sy Nasionaly. Manaraka izay dia manentana antsika hatrany ny eo anivon'ny Kaominina Urbaine Antananarivo ny hanaraka ny lamina izay napetraka ho antoky ny fampandrosona, satria Antananarivo dia soa iombonan'ny Malagasy.

**Naina**

S/P Antananarivo Andrefana FJKM

## Miatrika ny isan-kerintaonany faha-23 eny Ambohitrimanjaka

Hiombom-bavaka eny Ambohitrimanjaka Kianja Anelitsara avokoa ny Kristiana FJKM ao anatin'ny Synodamparitany Antananarivo Andrefana (SP AA 10) rahampitso alahady 13 Oktobra izao noho ny Fihaonambe faha-23 isan-kerintaonan'ny Synodamparitany. Manomboka amin'ity andro Sabotsy ity ny fihaonambe ary misy ny fandaharampotoana samihafa amin' izany hatramin'ny alina iarahana amin'ireo antoko mpihira avy amin'ny fiangonana samihafa, ary hitohy ny alahady ny fihaonana. Zava-dehibe ity fihaonambe ity, eo aloha ny fiombonam-bavaka hanandratana ny voninahitr'Andriamanitra, eo ihany koa, iaraha-mahalala ny toe-draharaha misy eny amin'iny faritr'Ambohitrimanjaka iny izay tena ilàna fitondrana am-bavaka mafy mba tsy ho tonga any amin'ny raharaha manahirana sy sarotra. Ary tsy kisendrasendra izao fa efa fandaharan'Andriamanitra, izay indrindra no anentanana ny mpianakavin'ny fianoana ao anatin'ny Synodamparitany mba ho tonga maro. Tsy hisy hivoha rahateo ireo trano fiangonana ao anatin'ny Synodamparitany amin'io andro rahampitso alahady io.

**Radafy**

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Niara-nientana ny rehetra nanadio ny Gare Routière Ampasampito

Ankoatra ny fanadiovan'ny ekipan'ny Boriboritany faha-5 ny "gare routière"eny Ampasampito rehefa andavanandro dia nihetsika avokoa ireo hery velona tao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra toy ny avy eo anivon'ny BMH, ny sampana mpamonjy voina, ireo ekipan'ny DTMU (Direction des Transports et de la Mobilité Urbaine) afak'omaly, niara-nientana tamin'ireo mponina, ny mpivarotra sy ireo mpitatitra ary ny koperativa teny an-toerana tamin'ny fanatanterahana ny fanadiovana faobe. Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra dia natao izao hetsika goavana izao mba hiadiana amin'ny loto sy ho fitsinjovana ny fahasalaman'ny mponina, fa indrindra ireo mpandeha izay hiditra sy hivoaka ny Renivohitra. Tsara no mampahatsiahy fa ny "gare routière" Ampasampito dia mampitohy an'Antananarivo , Moramanga, Vatomandry ary Mahanoro. Araka ny voalazan'ny tompon'andraikitra hatrany dia maro ny asa izay natao teny an-toerana toy ny famafana, ny fanasana amin'ny rano, ny fisokirana sy fanadiovana lakan-drano ary nofaranana tamin'ny fandrarahana ranom-panafody mamono bibikely sy ny otrikaretina ny fiara sy toeram-piantsonan'ny taksiborosy. Entanina araka izany ireo mponina izay mipetraka sy mpila ravinahitra, eo ihany koa ireo mpandeha mba samy hanaja ny fahadiovan'ny toerana. Efa misy ny lamina izay efa napetraka eny amin'itony toerana itony, mba hitazonana ny fahadiovana toy ny fananganana fotodrafitr'asa fidiovana (WC sy douche), eo ihany koa ny fametrahana fanariam-pako.

**Stefa**




Ny fanadiovana teny amin'ny toby fiantsonan'ny fiarakodia teny Ampasampito.

Tarika Mahaleo

## Hifamotoana amin'ny mpankafy rahampitso ao Antsahamanitra

Hifamotoana amin'ny mpankafy azy ao Antsahamanitra rahampitso tolakandro ny tarika Mahaleo. Ankoatra izany, fahasemporana no aretina mahazo an'i Fafah tarika Mahaleo ary ny fanajana ny fahasalamany no antony nampiatoan'ireo namany ao amin'ny tarika Mahaleo azy tsy hiseho sehatra eny Antsahamanitra ny rahampitso alahady tolakaandro. Nanazava i Dama Mahaleo, fa tsy nahazaka hamandoana i Fafah nandritra ny seho sehatra natao tany Antsirabe ny sabotsy teo vokatrin'ny filatsan'ny orana tsy nijanona tany antoerana. Nanohy nanazava ity mpanakanto ity fa mety hampihombo ny aretin'i Fafah ny fiakarana an-tsehatra mandritra ny fampisehoana izay hatao amin'ny faran'ny herinandro izao. Nanamafy anefa i Dama fa tsy tokony hampihemotra ny mpankafy ny tsy fahatongavan'i Fafah fa fotoana iray hitadiavan'ny tarika Mahaleo tosika sy fanohanana ary tolo-tanana avy amin'ny mpankafy izao vanim-potoana izao. Nilaza izy fa hisy namana tanora hanampy ny feon'i Fafah mandritra ny seho sehatra izay hotanterahina etsy Antsahamanitra rahampitso ary mbola ireo hira nahafantarana ny tarika Mahaleo hatrany hoy ity mpanakato ity no tena hibahana mandritra ny fampisehoana. Nanome fanamarihana i Dama Mahaleo fa tsy mampiasa an'i Fafah ho dokam-barotra velively ny tarika Mahaleo, fa fanapahan-kevitra noraisin'ny tarika ho fanajana ny fahasalaman'i Fafah no nataon'izy ireo.



Dama ao amin'ny tarika Mahaleo.

**Franck Razakambelo**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**05/10/19 hatramin'ny 12/10/19**

- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/ 034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51
- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 033 90 338 34
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/ 033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 965-10-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FANADIHADIAN'NY C.D.B.F**

# Olona 1 amin'ny 53 ihany no sahy mitaky faktiora

Tsy misy taratasim-bola na faktiora avokoa ny 44 % ny vola aloan'ny olona eny amin' ny sampandraharaham-panjakana eto Madagasikara. Io no vokatry ny fanadihadiana nataon'ny CDBF (Conseil de discipline Budgetaire et Financier), mikasika ny fampidiram-bola ivelan'ny hetra izay notanterahina tetsy amin'ny Hotel Carlton ny alakamisy lasa teo. Teto Antananarivo no nanaovan'ny CDBF an'ity fanadihadiana ity ary voakasik'izany tsy fisian'ny taratasy fanamarinana ny fandoavam-bola izany avokoa ny Fokontany (70%), ireo birao sy rantsamangaikan'ny fanjakana (45%); ny tsena (39%) ary ny tena mampalahelo hoy Andriamatoa Julia Razafindrakoto Tale Jeneralin'ny CDBF dia olona iray amin'ny olona 53 eto Antananarivo no sahy mitaky faktiora amin'ny fandoavam-bola. Nilaza Andriamatoa Razafindrakoto Julia fa ny ankabeazan'ny vahoaka no tena mandray anjara amin'ny fampidiram-bola ivelan'ny hetra, raha toa Malagasy miisa


*Ny fampahafantarana ny CDBF.*

320 000 fotsiny no mandoa hetra. Nanohy nanazava ity Talen'ny CDBF ity fa 2% ny vola miditra ao amin'ny kitapom-bolampanjakana dia avy amin' ny fampidiram-bolan'ny hetra izay mitentina 130 000 000 000 Ar. Azo ampiakarina anefa io salan'isa io raha toa ka hatsaraina ny lalàna mifehy ny faktiora fanamarihana ny fampidiram-bola eny anivon'ny biraom-panjakana. Azo atao ihany koa hoy Razafindrakoto Julia ny manara-maso hentitra sy manao fandraiketana an-tsoratra an'ireo taratasy fandoavam-bola; manetra ny isan'ny olona mikirakira ny fanamarinam-bola mba tsy ho very anjavony eny amin'ny tontolo eny ny vola tokony hiditra amin'ny sampandraharaha iray. Nanamafy anefa ity talen'ny CDBF ity, fa fahafantarana ny tena zava-misy mikasika ny loharanom-bola ivelan' ny hetra ny fanadihadiana ataon'ny CDBF ary manatsara ny fomba fitantanana ny volam-panjakana amin'ny alalan'ny tolo-kevitra izay omen'ny CDBF.

***Franck Razakambelo***

Mponin'Itaosy

# Mitombo ny fandaniana noho ny fanamboaran-dalana

Tsy maintsy tratry ny mandeha indroa amin'ny taxibe na handeha hiakatra ny renivohitra na handeha hody hariva ny mponina eny amin'ny vohitr'Itaosy sy Ambohidrapeto iray manontolo iny. Efa manjo azy ireo ihany izany hatramin'ny taona maro, indrindra rehefa sendra tratra hariva. Maro amin'ireo taxibe manao ny zotra mihazo ny lalana mampifandray ny renivohitra sy ireo vohitra ireo mantsy, vao mipaika ny amin'ny 6 ora sy sasany hariva no mandeha mody tsy miasa intsony. Mihena araka izany ny isan'ireo taxibe miasa ary manararaotra ny fanaovana tapa-dalana izy ireo. Tsy latsaky ny 900 Ar araka izany ny vola farafahakeliny lanin'ny mpandeha iray, ary mbola mihoatra tonga hatrany amin'ny 1400 Ar farafahakeliny izany raha mody any Ambohidrapeto. Misy ny fanamboaran-dalana eny amin'izany lalana izany, izay efa am-bolana maro no nanaovana ny asa ary nisy fiantraikany ratsy tamin'ny fihariana isam-batan'olona sy ny fianaran'ny mpianatra izany. Andro vitsivitsy lasa izao, vao mainka mitombo ny fandanian'ny vahoaka noho ny fanamboaran-dalana miainga eo amin'ny tetezan'Ampasika. Lasa miseho ny fifindrana fiara mpitatitra eo amin'io toerana io. Lany 500 Ar miainga avy any Itaosy, avy eo mbola mandany 500 Ar ihany koa raha hankany Analakely. Voakaoka bebe kokoa hatrany araka izany ny kitapom-bolan'ny isan-tokantranon'ny vahoaka, ary mitombo ny fahasahiranany.

***Radafy***

Sekoly ambony IMGAM

# Manosika ny mpianatra hamorona orinasa ho an'ny tenany


« Anjaran'ny mpianatra ny mamadika ny fari-pahalalana azony ho tena fahaiza-manao », hoy ny Filoha Tale Jeneralin'ny sekoly ambony IMGAM, Rakotoson Martin Pierre. Namoaka mpianatra 1400 ny sekoliny omaly izay notanterahina teny amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena Mahamasina. Ny hanosika ny ankizy hanao zavatra ho amin'ny fanondranana, mba feno devizy ny firenentsika, hoy izy. Manoloana ny tsy fananana asa mihamitombo eto amin'ny firenena, dia nambarany fa izay no antony nahatonga ny sekoliny ho amin'ny fitarihana ny mpianatra hamorona orinasa, fa tsy mpitady asa. Ary hatosika ireo mpianatra ho amin'izay famoronana asa ho an'ny tenany izay. Izay no nahatonga ny fananganana ny antsoina hoe "Fonds de garantis" ahafahana miantoka ny findramam-bola amin'ny banky misy eto amintsika. Marihina, fa 30 taona izao no niorenan'ity sekoly ambony iray tsy miankina amin'ny fanjakana ity.

***Radafy***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 296**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0295)

***Mitsivalana***
- Maloto
- Atolotra
- Na – Re (Miv)
- Do – Trosa
- Anarany
- Alàna
- Fia – Fera (Miv)

***Mitsangana***
- Nanda
- Ataonay
- Lo – Ala
- Olitra
- To – Rana
- Ot(a) Rano (Miv)
- Resy
- Bara – Fo (Miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 296




**Mitsivalana**

**1.** Amborovy na Ivato **2.** Mahafantatra (Miv) **3.** Fidiovana **4.** Manova (Miv) – Tofoka **5.** Heloka (BL) – Tahafina **6.** Mahantra (BL) – Fikambanana iraisam-pirenena (Miv) **7.** Lapam-panjakana (Miv) – Ao amin'ny Baiboly (Miv) **8.** Nanao fanadinana (Miv) **9.** Vola Malagasy – Naoty – Faran-teny **10.** Fihirâna misy solfa – Asa

**Mitsangana**

**A.** Tezitra – Tsirin-teny Mpanao **B.** Karazan'ovy (Miv) **D.** Faly – Mpanondro **E.** Rafy – Tenona **F.** Namery **G.** Tafika (Miv) **H.** Mampisafidy – Teny fanairana eo am-bavahady **I.** Ao amin'ny Sava (Miv) **J.** Fisotro (BL) – Mariky ny Iharana **K.** Alainao, atsanganao

### Valiny Teny mifanaraka 0295

**Mitsivalana**

1. Tantsaha 2. (H)ariva - As 3. Norovana 4. Nianarana 5. Ando - Te 6. II - As(a) - Aro 7. Fahoriana 8. Alakaosy 9. Vady - Kilao 10. Itiavana

**Mitsangana**

A- Tsena - Favy B. Alainy (Miv) D. Nanadihady E. Trano - Tiko (Miv) F. Sira - Ara G. Rova (Miv) - Siaka H. Havan(a) - Visa (Miv) I. Na (Miv) - Alina (Miv) J. Anatra - An(a) K. Osa - (F)eo - Voa

# Ireo kandidà Ben'ny tanàna avy amin'ny TIM ao amin'ny Distrikan'i Manjakandriana

